

14 jiona 2010.
2 Tamouz 5770.

Mitombo amin'ny fampiasàna azy ny talenta.

"Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be." (Lioka 16:10)

Ny fahaiza-manao izay ampiasaina dia hitombo. Tsy vokatry ny kisendrasedra na ny anjara ny fahombiazana: asan'ny fanomezan'ny lanitra izany; ny valisoan'ny finoana sy ny fahendrena ary ny fikirizana sy ny ezaka mitohy. Irin'ny Tompo raha ampiasain-tsika ireo fanomezana rehetra izay azon-tsika. Hahazo lehibe kokoa isika raha manao izany. Tsy hanao fahagagàna Izy hanome antsika izay talenta tsy hanana-tsika saingy raha ampiasain-tsika koasa izay efa hananantsika dia hiara-miasa amin-tsika Izy mba hampitombo sy hanamasaka ny fahafaha-manaon-tsika tsirairay. Raha vonona amin'ny antson'ny Fanahy Masina isika ho fitaovana mora hampiasainy dia hiasa ao anatin-tsika ny fahasovan'Andriamanitra. Handresy ny fironana tloha izany ary hahazoana fahazarana vaovao. Arakaraky ny faneken'ny fon-tsika ny toro-lalan'ny Fanahy Masina, dia toy izany koa no hahafahan-tsika mandray hery avy Aminy sy hanatanterahan-tsika asa manan-danja. Manana antoka ny fanatrehan'ny Tompo ny mpiasany mahay manetry tena. Mampilefitra ny toetra, mampahery sy miantso ny fahafaha-manao ara-tsaina sy ara-panahy ary manadio ny fo mantsy ny fanekena izany andraikitra goavana sy masina izany. Mahazendana matetika no mahita fanahy malemy iray izay mahavita ezaka fenohery sy mamokatra nono ny hery avy any ambony. Ireo izay manomboka amin'ny fahalalàna kely, miteny izay fantany sy mitady fahalalàna hafa dia hahita fa ny harem-bevavan'ny lanitra dia azony ampiasaina. Arakaraka ny hanaparitahany ny fahazavàna no hahitany tsirony koa amin'izany. Arakaraka ny hiezahan-tsika hanazava ny Tenin'Andriamanitra amim-pitiavana amin'ny hafa no hampahazàva izany kokoa eo imason-tsika.

Ny ezaka rehetra atao ho an'i Kristy dia hahitàna fitahiana. Hmpitomboany ny fahafaha-manao ananan-tsika raha ampiasaina ho amin'ny voninahiny izany. Ho velombelomin'ny fahasovan'Andriamanitra isika raha hiasa mba hahazo fanahy ho an'ny Mpamonjy, mitondra eo Aminy io hataka io amin'ny fivavahan-tsika. Hanapariaka taratry ny zotopon'ny lanitra ny tsirim-pitiavana avy amintsika ka ny fiainana kristianina izay hafàna sy ho tena izy hatrany dia ho feno fanahim-bavaka.

Ny lanjan'ny olona iray araka ny fandrefesan'ny lanitra dia ny fomba fisokafan'ny fony hahalala an'Andriamanitra. Loharanon-kery tsy hita pesipesenina io fahalalàna io satria noforonin'ny Tompo mba haneho ny fisainana araka an'Andriamanitra ny fisainan-tsika tsirairay; noho izany no hisarihany ny fanahin'ny olona hiray amin'ny Azy tsy ankiato. Omeny tombotsoa hiara-miasa amin'i Kristy isika amin'ny fanehoany ny fahasovan'ny eto amin'izao tontolo izao ary mba hananana fahatakarana avoavo hatrany ny fahamarinana avy any an-danitra. Eo ampijerevana an'i Jesosy isika dia hahita lalindalina sy marina kokoa ny mikasika an'Andriamanitra ary ho voaoavan'izany fibanjinana izany isika. Tonga ho azy ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana ny hafa. Amin'izany dia eo am-panamboarana toetra mitovy lasitra amin'ilay ohatra avy any an-danitra isika. Tonga amin'ny fahalalàna tsaratsara kokoa an'Andriamanitra isika rehefa misondrotra amin'ny fanahafana Azy. Miditra amin'ny firaisana akaiky amin'ny lanitra isika amin'izay ka mampitombo ny fahafahamahanafantatra ny zavatra ny lanitra.

«*Nandavaka tamin'ny tany ka nanafina ny volan'ny Tompony*» ilay nahazo taelnta iray » (Matio 25:18). Hita fa ny olona nomena fanomezana tsotra iray dia nanao tsinontsinona ny hmpitomboina izany. Fampitandremana ho an'ireo izay mihevitra fa ny tsy fahampian'ny telentany dia manala tsiny azy tys hanompon ny Mpampianatra. Fahadisoan-kevitra izany. Rehefa mizara ny fanomezam-pahasovan'ny Tompo dia mitsapa koa ny toe-panahy. Mampiseho fa mpanompo tsy mahatoky izy raha nomena talenta iray nefa tsy nampiasa izany. Raha nomena azy ny talenta dimy dia naleviny koa izany. Ny fampiasany tsy araka ny tokony ho izy ilay talenta iray dia maneho ny tsy firaharahiany ny lanitra.

«*Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be.*» (Lioka 10:16a) Heverina ho tsinontsinona loatra ny maha zava-dehibe ny zavatra tsotra iray kanefa manampy amin'ny fitsipi-pipehezana amin'ny fiainana izany. Manan-danja lehibe anefa izy ireny, ny fanaovana tsinontsinona izany amin'ny fanamboarana ny toetra dia mety mampidi-doza.

«*ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be*» (Lioka 10:16b). Ny adidy madinika atao tsirambina dia tsy fanomezana ny anjara fanompoana tokony ho an'ny Mpamorona. Misy akony lehibe io fahadisoana io: tsy handray na fahasovan'ny tanjaka na herim-panahy izay valisoan'ny fankatoavana tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra izy. Rehefa velona lavitra an'i Jesosy isika dia mihanjahanja amin'ny fakam-panahy alefan'i Satàna ka manao fahadisoana amin'ny fanomp ny Mpampianatra. Rehefa tsy voatariky ny fitsipi-pipehezana tsara amin'ny zava-madinika dia ho sahirana koa izy hankato ny Tompo amin'ny zava-dehibe izay heverina fa tena izy. Ny fahadisoana raiki-tapisaka nahazatra eto amin'ity fiainana ity dia ho hita eny amin'ny toe-javatra lehibe. Manapakevitra araka ny fitsipi-pipehezana izay nahazatra antsika isika. Noho izany ny fomba amam-panao averimberina dia mitondra amin'ny fahazarana, izay manamboatra ny toetra; ary ny toetra no mamaritra ny ho avy ho amini'zao fotoana izao sy ny mandrakizay koa.

Ellen G. White *Les Parables de Jésus* p 307- 310

